### FIHAONAMBE FFKM FARITRA ANTANANARIVO

# Fifidianana hanjakan'ny fahamarinana no tokony hisy



*Ny fihaonambem-paritra teto Antananarivo, nataon'ny FFKM tao Ambatovinaky.*

Notanterahina omaly 12 jolay tao amin'ny FLM Ambatovinaky, ny fihaonambe ny FFKM faritra Antananarivo . Tonga maro ireo antoko politika nanatrika izany araka ny fanasana nataon'ny FFKM. Nambara fa raha hiatrika fifidianana isika , fifidianana hanjakan'ny fahamarinana no tokony hisy eto amin'ny firenena, satria ao anaty fahasahiranana tanteraka ny vahoaka Malagasy ankehitriny araka ny fanambaràna nataon'ny sekretera jeneralin'ny FFKM ny Rev Tahina Ranaivoarivelo . Nambarany fa zavadehibe ny 4 F izay efa noresahan'ny FFKM hatrany, raha alavaina dia FIBEBAHANA - FAMALANKELOKA – FIHAVANANA – FAHAMARINANA . Araka ny nambaran'ny Rev Tahina Ranaivoarivelo ihany, hanaramaso ny fifidianana ny FFKM ary efa nahazo fankatoavana ny hanaovana izany . Araka ny efa natao tany amin'ny faritra 28 manerana an'i Madagasikara misy ny FFKM, dia teto Antanananarivo no namaranana ny fihaonambe izay niantsona ny mpanao politika , fiarahamonimpirenena ary ireo fikambanana maro nakana ny hevitr'izy ireo hoentina amin'ny fihaonambe nasionaly ny faran'ny volana aogositra ho avy izao . Arak'izany dia nozaraina ho kaomisiona 3 ireo mpanatrika ny fivoriana dia kaomisiona politika , sosialy amin'ny ankapobeany ary Andrimaso FFKM. Tsy tonga niatrika izany kosa ny mpitondrana fanjakana amin'izao fotoana, na ny solontenan'izy ireo. Ny natao dia nanome sosokevitra ireo mpivory ahafahana mampiditra ny hevitr'izy ireo any amin'ny fihaonambe nasionaly . Zavadehibe ny fifidianana hatao amin'ity taona ity, ka ny sosokevitra ho an'ny rehetra ao anatin'ny kaomisiona tsirairay dia ny hoe: olona toy ny ahoana no tokony hitantana ny firenena?

***Helisoa***

### Jeune sy Com-TIM Ambohimangakely

# Manome cours Faradoboka ho an'ny mpanala bacc

Manome cours faradoboka maimaimpoana ho an'ireo hanala ny fanadinam-panjakana bakalôrea nanomboka ny alatsinainy teo ny tanora, na Jeune TIM, sy ny Com-TIM Ambohimangakely ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano, izany dia fiaraha-miasan'izy ireo amin'ny First Academy.

Ny tanjona dia fanampiana hanamaivanana ny fahasahiranan'ireo izay te hanatrika faradoboka, nefa tsy manana fahefana hanao izany. Ny zava-dehibe dia manatanteraka ny foto-kevitry ny antoko TIM, ny amin'ny fanomezana lanja ny fanabeazana ny tanora hoy ny mpikarakara. Nozaraina sakafo : yaourt daholo koa ireo mpianatra rehetra tonga manao famerenana farany izao, mialohan'ny fanadinana bacc izay hanomboka ny alatsinainy ho avy izao.

***Isambilo***



*Ny Faradoboka bacc maimaimpoana, omen'ny Jeune sy ny Com-TIM Ambohimangakely.*

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

